



**Mari-boninahitra:**

1902: Voafidy ho Anisan'ny Akademia Malagasy izy


1903: Mahazo ny mari-boninahitra hoe « Médaille du Mérite Civil »

**Fiampangana:**



Voapanga tsy andrariny fa nanao teti-dratsy, hono, ka voagadra tao antranomaizina izy tamin'ny 24 desambra 1915. Nefa hita mazava teo fa tsy nanan-tsiny amin'izany izy, ka nafahana tamin'ny 18 febroary 1916, sady natolotra fialan-tsiny betsaka izy.

**Maro ny mpivahiny mamangy ny fasan'i Frera Rafaely**



## Ny Ohatra navelany :


## I Frera Rafaely dia:

– Relijiosy - apostoly

– Be fahaizana - mpampianatra sy mpanabe

– Mpampihavana - mazava saina

**Frères des Écoles Chrétiennes**
POSTULATEUR GÉNÉRAL
Rome, Italie – 2009
**Dessins: Soimanga 98**



Ny olotsambatra Frera

# Rafaely Rafiringa

## Mpitarika mahery fo sy mazava saina



# NY FIAINANY

Mba ambony lahatra ara-tsosialy ny fianakaviany, saingy mbola tsy mpino.




Ny rainy dia tompon' andraikitra voalohany amin'ireo mpanefy vy tao andapan'ny Mpanjakavavy.

Tamin'ny taona 1866, dia manokatra sekoly iray teto Antananarivo ny Frera Lasalianina.



I Firinga kely dia an'isan' ny mpianany voalohany.







Mangataka atao batemy aloha izy. Any aoriana dia mbola hangataka koa ho relijiosy sady mpampianatra.


| | |
|---|---|
| 1856 | Teraka tany Antananarivo tamin'ny taona 1856 |
| 1866 | Mianatra ao amin'ilay Sekoly voalohany nahorin'ny Frera teto Madagasikara. |
| 1869 | Vita batemy izy, ary mandray ny anarana hoe Rafaely |
| 1876 | Mangataka izy hiditra ho frera ao amin'ny Fikambanan'ny Frères des Écoles Chrétiennes. |
| 1879 | Manao ny voady voalohany maha-relijiosy azy izy |
| 1883 | Voaroaka tsy ho eto Madagasikara intsony ny Misionera Katolika rehetra, ka i Frera Rafaely dia voafidy ho Mpitantana ny katolika rehetra eran'i Madagasikara manontolo. Miara-miasa amin-dry Victoire Rasoamanarivo Olotsambatra amin'izany izy. |
| 1889 | Manao ny Voady Mandrakizay izy. |
| 1902 | Voafidy ho Isan'ny Akademia Malagasy. |
| 1903 | Mahazo ny mari-boninahitra hoe "Médaille du Mérite Civil" izy nohon'ny ezaka nataony mba hampihavana any Frantsa sy i Madagasikara. |
| 1919 | Faha-19 volana mai, maty tao Fianarantsoa izy. |
| 1933 | Nafindra ny Taolam-balony ka nalevina teto Antananarivo. |
| 2009 | Voatsangana ho Olotsambatra izy. |







1883: Voaroaka tsy ho eto Madagasikara intsony ny Misionera Katolika rehetra, ka i Frera Rafaely, relijiosy tokana sisa teo satria tera-tany, dia voafidy ho Mpitantana ny katolika rehetra eran'i Madagasikara manontolo. Miara-miasa amin-dry Victoire Rasoamanarivo Olotsambatra amin'izany.



Mampianatra izy...

miasa...



manoratra boky, laha-teny.... mandrindra tonon-kira...